REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILAN-KEVITRY NY MINISITRA

*Alarobia 02 avrily 2025 – Lapam-panjakana Iavoloha*

Notanterahina teny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha androany Alarobia 02 avrily 2025 ny Filan-kevitry ny Minisitra, notarihin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina ary natrehin'Andriamatoa Praiminisitra, Ntsay Christian, Lehiben'ny Governemanta, sy ireo Minisitra isan-tokony.

## I- FAMPITANA AM-BAVA IREO RAHARAHA LAHARAHAM-PAHAMEHANA SY MAIKA

### MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny firosoan'ny fanomanana ny fitsidihana ara-panjakana ho tanterahin'ny Filoha Emmanuel Macron sy ny andiany faha-dimy amin'ny fihaonana an-tampon'ireo Filoham-pirenena sy Governemanta eo anivon'ny Komision'ny Ranomasimbe Indiana ny 24 avrily 2025 eto Antananarivo**. Tombony ho an'ny firenena malagasy ny handraisana ity fihaonana lehibe ity izay hahafahan'i Madagasikara maneho ny fahavononany hanamafy ny fiaraha-miasa amin'ireo firenena eto amin'ny faritry ny ranomasimbe indianina. Mifanindran-dalana amin'ny laharam-pahamehan'ny fitondram-panjakana ho an'ny fitondram-panjakana rahateo ny lohahevitra nosafidiana dia ny fahavitan-tena ara-tsakafo ho fampandrosoana ny tsenan'ny ranomasimbe indianina. Ao anatin'ny fanomanana tanteraka ny komity mpikarakara ny fandraisana izay an-tampony izay ary miroso ireo asan'ireo vaomiera isan-tsokajiny toy ny lafiny ara-teknika, ny arofenitra handraisana ireo delegasiona, ny lafiny fiarovana ireo vahiny manan-kaja toy ireo Filoham-pirenena izay namaly ny fanasana hanatrika izany fotoan-dehibe izany. Niantso hatrany ny fiaraha-mientan'ny tsirairay ny Filohan'ny Repoblika mba tsy hitsanga-menatra isika handray izany fihaonana iraisam-pirenena izany.

### MINISITERAN'NY ASA VAVENTY

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny firosoana ankapoben'ireo tetikasa lalambe migodana.** Amin'izao fotoana izao, 22,2% ny fandrosoan'ireo asa amin'ny ankapobeny izay nahitana firosoana telo volana raha oharina amin'ny tetiandro tany am-piandohana. Nisy fahatarana kosa ny fampifandraisana ny lalambe migodana sy ny PK0 Ambodifasina noho ny rotsak'orana mifanesy farany teo. Tsiahivina fa ny 80km tapany voalohany amin'ny fanamboarana ity lalambe migodana ity dia avy amin'ny famatsiam-bolan'ny fanjakana madio. Ny BADEA kosa no hamatsy ny 80km tapany faharoa ary efa nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra kosa ny hirosoana amin'ny fifampiraharahana amin'ny ADFD amin'ny famatsiana ny tapany farany.
Anjaran'ny minisitera ny manaraka antsakany sy andavany ny tetiandro fanatanterahana ny asa hoy ny Filohan'ny Repoblika. Miroso ny asa ankehitriny ary efa miomana sahady amin'ny dingana manaraka.

**MINISITERAN'NY RANO NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny firosoan'ny tetikasa JIRAMA WATER III.** Ity tetikasa ity dia mikendry ny fanovana ny rafitra famatsiana rano fisotro madio eto Antananarivo. Hiarahan'ny Fanjakana malagasy, ny Vondrona Eoropeanina amin'ny alalan'ny BEI izany tetikasa izany. Tafiditra ao anatin'izany ny fananganana ny tobim-pamokarana rano 50.000m³ ao Amoronankona sy ny fitahirizan-drano 1500m³ ao Ambohibe. Eo ihany koa ny fanavaozana fantson-drano mirefy 24km mampitohy an'Amorankona sy Iavoloha, sy mampitohin'Ambohibe sy Analamahitsy. Tafiditra ao anatin'ny tetikasa ihany koa ny famatsiana fitaovana hikojakojana ny famokarana rano eo anivon'ny JIRAMA. Efa mameno ny fepetra rehetra ny Fitondram-panjakana ary hanomboka tsy ho ela ny asa izay handray anjara lehibe amin'ny famahana ny olan'ny famatsiana rano eto an-drenivohitra.

## II- FANATSARANA NY FITANTANANA IREO VINAN'ASAM-PANJAKANA HO AN'NY TAONA 2025

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fividianan'ny minisitera ireo fitaovana "duplicopieurs".** Voarakitra ao anatin'ny tetikasa fampiasam-bolam-panjakanan'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena ho an'ny taona 2025 ny fahazoana ireo fitaovana hanatsarana ny rafitra fanabeazana. Ireo "duplicopieurs" ireo dia ho ampiasan'ireo Fitaleavam-paritry ny Fanabeazam-pirenena (DREN) sy ireo fari-piadidiam-pampianarana (CISCO) hanomanana ireo fanadinam-panjakana.

## III- FAMPITANA AM-BAVA

**MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny Leadership in International Security Course (LISC) ny 06 oktobra 2025 hatramin'ny 28 may 2026, eo anivon'ny "Centre de Politique de Sécurité de Genève" (GSCP) any Genève.**

Tanjon'ity lalam-piofanana ity ny fanamafisana ny traikefan'ireo tompon'andraikim-panjakana eo amin'ny lafiny fiarovana iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny fanomezana azy ireo fitaovana hahafahany mamantatra ireo mety ho ambana, ny hanombantombana ireo valiny ara-politika sy ny fampivoarana ny haitarika. Handefa tolo-kevitra ireo minisitera tena voakasika toy ny minisiteran'ny Foloalindahy, ny minisiteran'ny filaminam-bahoaka, ny minisitera delege miadidy ny zandarimariam-pirenena sy ny minisiteran'ny Fitsarana. Ho fantatra hatramin'ny faran'ny volana ireo solontena malagasy roa (vehivavy iray, lehilahy iray) handray anjara amin'izany lalam-piofanana izany.

**MINISITERAN'NY FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY FANAJARIANA NY TANY**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny hamindrana amin'ny Fanjakana malagasy ny tany 98Ha 35A 46Ca, miankina amin'ny tany « TSARAMIAFARA IV », TN° 4350-H, ao Iarinarivo, Kaominina Ambanivohitra Iarinarivo, Distrikan'Ambohidratrimo, Faritra Analamanga.**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny hamindrana ny tany mirefy 02 a 31 ca eo amin'ny La Voirie, fokontany Sambava centre, Kaominina Ambanivohitra sy Distrikan'i Sambava, Faritra SAVA.** Tao anatin'ny fikarakarana ny fangatahana dia tsy nisy fanoherana na fitakiana izany tany izany. Ity dingana ity dia tafiditra ao anatin'ny fiarovana ny tanim-panjakana. Ho marihina ao anatin'ny "certificat juridique"

fa io tany io dia tsy azo afindra fa mijanona ho tanim-panjakana amin'ny alalan'ny minisiteran'ny toekarena sy ny tetibola.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny fepetra mifehy ireo fampidiran'entana tsy andoavana fadin-tseranana miaraka amin'ny taratasy fanamarinana toeran-kaleha, ireo fanafoanan-ketra vonjimaika sy ireo anatin'ny faritra afakaba.** Misy ny volavolana didim-pitondrana mamaritra ireo izay tafiditra ao anatin'ny fanavaozana entin'ny sampan-draharahan'ny fadin-tseranana mba hanaingana ireo vola miditra sy hanamorana ireo dingana ara-taratasy mila arahina.

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny tolotr'asa izay ho Talen'ny Departemantan'ny Fitantanam-bolam-panjakana eo anivon'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (Directeur du Département des Finances Publiques du Fonds Monétaire International - FMI).** Tafiditra ao anatin'ny diplomasian'ny firenena malagasy, izay fantatra fa manana fahaiza-manao, ny mba hisian'ny teratany malagasy handray izany andraikitra lehibe izany. Toy ny firenena maro eto Afrika izay manana solontena eny anivon'ireny rafitra iraisam-pirenena ireny dia tokony manao ny fomba rehetra isika hanasongadina an'i Madagasikara maneran-tany hoy ny Filohan'ny Repoblika. Ho jerena manokana ny olona mamaly ny mason-tsivana ary ho tohanan'ny fitondram-panjakana. Nanentana ireo minisitera rehetra ny Filohan'ny Repoblika hizara ireo tolotr'asa iraisam-pirenena tahaka izao ary ho sokafana eo anivon'ny minisiteran'ny Raharaham-bahiny "portail du fonctionnariat international" hampivondrona ireo tolotr'asa iraisam-pirenena sy hifantenana ireo kandida tena mendrika.

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY VAROTRA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny fanefana ny latsakemboka isan-taonan'i Madagasikara amin'ireo fikambanana iraisam-pirenena.**
Ho fanamafisana ny firotsahan'i Madagasikara ao anatin' ireo fikambanana iraisam-pirenena misy azy, dia tsy maintsy atao ny fandoavana ny latsakemboka isan-taona takian'ireo fikambanana ireo. Ilaina ihany koa izany mba hanehoana ny fiandrianan'ny Fanjakana Malagasy amin' ny fanatanterahana ny adidiny ara-bola ara-potoana sy ho fisorohana ny sazy na ny fepetra mety hihatra noho ny tsy fanefana trosa.

**MINISITERAN'NY ASA VAVENTY**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny hirosoana amin'ny asa fanamboarana ireo lavaka amin'ny RNP2 eo amin'ny PK 108 (makeo amin'ny galana Moramanga, fanamboarana ny lalana misy ny lavaka) eo anelanelan'ny PK 109+000 (Galana Moramanga) sy PK 111+500 (Jovena Moramanga) vatsian'ny Tahirim-bola ho an'ny lalana.** Nanao fanamarihana ny Filohan'ny Repoblika fa na asa kely na lehibe na inona na inona ny famatsiam-bola dia tokony manaraka fenitra tokana foana ny atao rehetra mba hampiakatra ny lentan'ny asambarom-panjakana. Anjaran'ny minisitera ny manara-maso izany.

**MINISITERAN'NY RANO NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny herinandro nasionaly momba ny rano sy ny fanombohana ny asa fanamboarana fotodrafitrasa ho an'ny famatsian-drano.** Ho tanterahina ny 16 hatramin'ny 18 avrly 2025 ny andiany voalohany amin'ny herinandro ho an'ny rano. Tanjona ny hanehoana ireo ezaka ataon'ny Fitondram-panjakana hanafainganana ny fampiharana ireo vahaolana amin'ny famatsian-drano, ny fanetsehana ireo hery velona rehetra handray

anjara amin'ny fampiroboroboana ny sehatry ny rano ny fanadiovana sy ny fidiovana ary ny fiarovana ireo loharanon-drano.

Hisy ihany koa ny fanombohana ny asa fanamboarana ny toby Mandroseza I, ny fanamboarana ny fanadiovan-drano 20.000m³ isanandro ary ny fanajariana tanteraka ny Mandroseza II.

Ireo hetsika rehetra ireo dia ho tanterahina eo ambany fiahian'ny Filohan'ny Repoblika.

**MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAIN-JAFY**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny fampitana am-bava momba ny fifanarahana amin'ny Tahirim-bola Afrikanina ho an'ny Fampandrosoana momba ny tetikasa "Projet de Résilience Climatique par la Préservation de la Biodiversité des Parcs" (PRCPB).** Ity tetikasa ity dia hahazo famatsiam-bola tsy averina mitentina 9.3 tapitrisa dolara. Ny Minisiteran'ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny Madagascar National Parks no hanatanteraka azy. Tanjona ny hanamafisana ny fiarovana ny rohi-javaboahary eo anivona valan-javaboahary miisa enina sy ny fanatsarana ny fiainan'ireo mponina eny ifotony. Lokobe, Nosy Hara ary Andringitra dia hisitraka fotodrafitrasa fiarovana, momba ny écotourisme sy fitaovana ara-sosialy. Montagne d'Ambre, Ankarafantsika sy Analamazaotra-Mantadia kosa dia hisitraka fanamafisana traikefa toy ny fiatrehana fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetrandro, ny fanabeazana ara-tontolo iainana, ny fampiofanana ireo tanora.

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fanohanana ara-bola ny fandraisana anjaran'ireo atleta malagasy amin'ny Tompon-dakan'i Afrika U17, U20, U23 sy seniors, ny 29 avrily hatramin'ny 04 may 2025, ao Casablanca, Maroc.**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fanohanana ara-bola ny fandraisana anjaran'ireo atleta malagasy amin'ny Tompon-dakan'i Afrika Senior (35th Men & 24th Women), ny 20 hatramin'ny 28 avril 2025, Côte d'Or, Moka City, Port Louis, Maurice.**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny iraka fitsidihana sy ny fanaovan-tsonia ny "Host Country Agreement » ny YouthConnekt Africa Summit 2025 eto Madagasikara.** Handray ity fihaonana lehibe izay hampivondrona tanora avy amina firenena afrikanina 40 i Madagasikara ny volana novambra 2025. Mialoha izany dia hisy ny fitsidihana ho tanterahin'ny Tale Mpanatanteraky ny YouthConnekt Afrika eto amintsika ny 1 hatramin'ny 04 avrily 2025. Ho jerena mandritra izany fitsidihana izany ireo toerana hanatanterahana ny fihaonana an-tampony, hisy ny fihaonana ara-teknika mpiaraka amin'ny komity nasionaly mpikarakara ary ny fanaovan-tsonia ny Host Country Agreement » izay hamaritra ny anjaran'ny mpisehatra rehetra sy hiantoka ireo fepetra ara-pitaovana sy ny manodidina ny fikarakarana ny fihaonana an-tampony.

**MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny fampodiana eto Madagasikara ny kabeson'ny Ampanjaka Toera sy ireo mpianady Sakalava miisa roa. Ho tanterahina any Paris ny 14 avrily 2025 ny lanonana famerenena izany harem-bakoka izany.** Entina ao amin'ny Masoivohon'i Madagasikara ao Paris kosa izany eo am-piandrasana ny fiondranana ny fiaramanadina hitondra azy ireo eto an-Tanindrazana. Hisy ny lanonana ofisialy hiarahana amin'ireo Ampanjaka rehetra eto Madagasikara handraisana ny kabeson'ny Ampanjaka Toera sy ireo mpianady Sakalava miisa roa eto Antananarivo mialohan'ny hanaterana azy any Menabe. Ezaka

goavana no nataon'ny Fitondram-panjakana mandrapaha-tonga amin'izao dingana izao ary tanjona ny hampiray ny malagasy manodidina ny harem-bakoky ny firenena.

## IV- FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY VAROTRA**

Nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny didim-panjakana mampihatra ny andininy sasantsasany amin'ny lalàna laharana faha 2023-016 tamin'ny 11 aogositra 2023 mifehy ireo "sociétes coopératives" eto Madagasikara. Voafaritra ao anatin"izany :

- Ny fanoratana ireo "Sociétés coopératives:
- Ny renivola sy ny anjaran'ireo mpikambana
- Ny fivoriamben'ireo "sociétes coopératives"
- Ny Filankevi-pitantanana
- Ny fanaraha-maso sy fitsirihana ireo "sociétes coopératives"
- Ny fandrafetana ny vaomieran'ny fampihavanana
- Ny famaranam-pananan'ireo "sociétes coopératives".

**MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO**

Nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny didim-panjakana momba ny fandaminana sy ny fampandehanana ny "Ecole Nationale de l'Enseignement Aéronautique et de la Météorologie (ENEAM)

**MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manova sy mameno ny andiany sasantsasany amin'ny didim-panjakana laharana faha 2023-1016 tamin'ny 24 aogositra 2023 manome alalana ny Fanjakana Malagasy amin'ny renivolan'ny orinasa hatsangana mitondra ny anarana "Société d'Exploitation du Train Urbain" (SETU)

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY AKORAN'AFO**

Nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manambara fa ho an'ny tombontsoa iombonana ireo asa fametrahana tobim-pamokarana herinaratra mandeha amin'ny herin'ny masoandro 100MW eo amin'ny Rocade Tsarasaotra Ivato (rocade eo anelanelan'ny PK 2,5 sy 5,9 manomboka eo amin'ny vorona Tsarasaotra makany Ivato), Tetikasa LAKE IARIVO, Kaominina Antananarivo Renivohitra - Kaominina an-drenivohitra Ivato sy Kaominina ambanivohitra Ambatolampy Tsimahafotsy ary ny fahazoana amin'ny alalan'ny raharaham-pihavanana na fanesorana ny fizaka-manana noho ny antony soa iombonana ampahan-tany sasantsasany sy/na trano voakasiky ny tetikasa

## V- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY FITSARANA**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-646 tamin'ny 24 jona 2020 ary manendry an'**Andriamatoa MOHAMED Abdou Ali**, ho « Procureur Général près la Cour d'Appel » Toamasina.

**MINISITERAN'NY ATITANY**

- Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-1358 tamin'ny 03 jolay 2024 ary manendry an'**Andriamatoa RAMANAMAHEFA Andrianiainarivelo Mahandry Albertin**, ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny prefektioran'i Mahajanga.

- Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-608 tamin'ny 13 marsa 2024 ary manendry an-d**Ramatoa PATRICIA Dons Allah Akbar**, ho Lehiben'ny Distrikan'Ifanadiana.
- Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-1143 tamin'ny 03 aogositra 2022 ary manendry an'**Andriamatoa JAONINA Redis**, ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny prefektioran'i Fenoarivo Atsinanana.
- Nolaniana ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RASOLOFOMANDIMBY Haveloma Danny**, ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny prefektioran'Ambovombe Androy

**MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA**

- Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-1648 tamin'ny 21 décembre 2022 ary manendry an'**Andriamatoa RAMBELOSON Hasina,** ho "Directeur de la Promotion de la Santé"
- Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-094 tamin'ny 01 febroary 2023 ary manendry an-d**Ramatoa RAMINOARINARIVO Nivo Hanitra Lalaina**, ho Talem-paritry ny Fahasalamam-bahoaka Matsiatra Ambony.

**MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASA TANANA**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 18356/2019-MICA tamin'ny 03 septambra 2019 ary manendry an-d**Ramatoa RASOAVEROHANITRA Josiane Aimée**, ho "Directeur de la formation, du projet et du développement régional du Centre National de l'Artisanat Malagasy"

**MINISITERAN'NY RANO NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-546 tamin'ny 06 marsa 2024 ary manendry an'**Andriamatoa RANDRIANJAFY Harisendra Manoa**, ho « Directeur du Contrôle Interne et de la Lutte contre la Corruption » (DCILC).

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana 2022-524 tamin'ny 13 avrily 2022 ary manendry an'**Andriamatoa RAMANANTSOA Jonah Michel**, ho "Directeur de la Programmation et des Appuis" (DPA)

**MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

- Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-224 tamin'ny 07 febroary 2024 ary manendry an'**Andriamatoa RASAONY Pascal**, ho Talen'ny Fifandraisana amin'ny daholobe.
- Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-570 tamin'ny 27 may 2020 ary manendry an'**Andriamatoa RAFANOMEZANTSOA Toavina**, ho Talen'ny Ivon'ny TOROhay (IVO-TORO)

## VI- FANAFOANANA

**MINISITERAN'NY ATITANY**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-600 tamin'ny 13 marsa 2024 nanendry ny Prefet an'Ambositra.

**MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny fanendrena ny Talem-paritry ny harena an-kibon'ny tany Amoron'i Mania.

***Natao ny 02 avrily 2025***

***Ny Fitaleavan'ny Serasera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika***